

Zava-doza atao'n'ny fitondrana Rajoelina **3**
Tsy takona afenina ny fanodinkodinana saim-bahoaka ataony

Ny Valosoa sy Fakafaka **2**
Maro ireo mizana tsindrin'ilà atao'n'ny mpitondra eto

NY VALOSOA

Gazety misheo intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

VAOVAO

Sabotsy 1 oktobra 2022

Laharana 1351

Vidiny : 600 Ar

Hetsiky Ny Mpitondra Fivavahana (HMF) **2**

Mamono hasina ny manolo zavatra hafa ny efa noreketin'ny tantara fa hazo

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Filoha Rajoelina

Nandainga tamin'ireo mpanao lalana tsy nahazo ny volany



2

Fifidianana

Tsy azo antoka ny rindram-baiko na logiciel ny CENI



3

Petite Vitesse

Tadiavin'i Vazahabe ho tapahana ny sotro fihinanan'ny mpivarotra



Fivorian'ny filankevitry ny tanàna CUA **2**

Nivoaka ny trano fivoriana ny mpanolotsaina TIM



6

Tranga mampalahelo

Zazalahy kely 9 taona maty nodarohan-dreniny

Fifamoivoizana

Saofera sy resevera mamo am-perinasa, nosamborin'ny zandary

6

Daka kely

Iza no aripakareo amin'ireny fitaovampiadiana be dia be ireny ry Boaikely a !



FIVORIAN'NY FILANKEVITRY NY TANÀNA CUA

Nivoaka ny trano fivoriana ny mpanolotsaina TIM

Nisy ny fivoriana tsy ara-potoana izay nataon'ny mpanolotsaina ny tanànan'Antananarivo (CUA) omaly 30 septambra, tao amin'ny lapan'ny tanàna Analakely. Isan'ny lahadinika natao tamin'izany ny mikasika ny resaka taxi-moto, izay efa nolavin'ny mpanolotsaina maro an'isa nefà mbola tadiavina atao letrezana ihany ny fandaniana izany, eo anivon'ny filankevity ny CUA. Manoloana izany dia nanapakevitra ny mpanolotsaina lany tamin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) fa hivoaka ny efitrano fivoriana, ka tsy handray anjara amin'ny fifidianana amboletra tian'ny ben'ny tanàna Naina Andriatsitohaina atao. Nanambara ireo mpanolotsaina TIM, fa fanivaiana ny hasin'ny mpanolotsaina ny famerenana an-tery ireo lahadinika efa nolavina tao anatin'ny fanapahan-kevitra (deliberation) natao ny 26 aogositra 2021. Efa nentina taminay hoy izy ireo ny resaka taxi-moto ary efa nolavina ihany koa ny 30 aogositra 2022, naverina nodiniana fa mbola nolavinay hatrany. Fanitsaktsahana ny zonay nanapakevitra ny mbola fanaovana amboletra hamerina an'io indray, hoy ireo mpanolotsaina TIM, ary tsy io ihany fa maromaro ireo lahadinika nanaovana izany. Araka izany dia tompon'antoka tanteraka amin'izao fanapahan-kevitra izao ary mpiray tsikombakomba amin'ny fanaovana tsinontsinona ny zon'ny mpanolontsaina, ireo rehetra mbola manaiky na iza izy na iza, ny hamerenana izao fifidianana izao indray. Nolazaina fa fahasahiranana amin'ny fomba hampiharan'ny mpanatantreka ny lalàna noho ny resaka vide



juridique, no antony namerenana indray ny lahadinika. Raha ny tsy fisian'ny lalàna no olana, afaka mamolavola tolo-dalàna ho amin'izany ny vaomieran'ny fitaterana dia voavaha ilay lazaina fa olana, fa tsy ny fanapahan-kevitra efa noraisina no atao remise en cause. Noho izany, ho angatahinay Mpanolotsaina TIM, sy ireo miaraka aminay eny amin'ny tribunal administratif ny tsy hampanankery ary hanafoanana tanteraka izay fanapahan-kevitra rehetra naverina izany, noho ireo antony efa voalazanay tetsy ambony ireo, hoy ny fanambarana. Tantara mitohy arak'izany ity resaka fanaovana amboletra ataon'i Vazahabe sy ny ekipanyity.

Helisoa

Fifidianana

Tsy azo antoka ny rindram-baiko na logiciel ny CENI

Tsy azo antoka ny rindram-baiko na logiciel hampiasain'ny CENI, na ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana eto amintsika. Efa nentina teto ihany ny filazana nataon'ny Ceni momba ny fanatsarana ny fomba fiasa sy ny fanavaozana ny fitaviana entina manatantreka ny fifidianana amin'ny ankabopeny. Ny logiciel kosa anefa hoy ireo mpanao politika nanaraka ny fihaonana teny Alarobia ny alakamisy teo, dia nanambara fa tokony hanova ftsirihana manokana na audit eo antrehan'ny Vondrona Europeana, satria tsy azo antoka mihitsy, efa antitra ary efa nahitana lesoka nanomboka tamin'ny taona 2005 no mankaty izany rindram-baiko hampiasain'ny CENI izany. Nahita sy nahatsapa izany avokoa ireo solonte-



Ny sekretora jeneralin'ny antoko TIM,
Riana Randriamasinoro.

nan'antoko politika tonga teny, ka tsy diso anjara ni-laza izany "audit" izany, toa an'Andriamatoa isany Roland Ratsiraka, MTS, sy ny sekretora jeneralin'ny antoko TIM Riana Randriamasinoro, izay nanamafy fa toy ny fiara 2Cv lany andro efa simba, no mbola antsoantsaina hoe mety sy mahaso, ary lazain'ny filohan'ny Ceni, fa efa voasedra amin'ny birao foibe mpanisa vato,

Marihina fa ireo olona 5000 hirotsaka amin'ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy mihitsy, no efa atidoha logiciel hafa kely hanimba ny toe-draharaha hoy ireo mpanara-bao-vo, satria na dia tatitra marina aza miainga eo amin'ny biraom-pifidianana iray, dia tsy ilaozan'ny maramara saina hanova vokatra mandrapahatonga eny amin'ny birao foibe mpanisa vato,

ka mety ho lasa vokatra hafahafa indray. Ny atidoha logiciel lazaina fa manara-penitra, no efa olana eto hoy ny rehetra, manao asa maizina. Mazava araka izany fa tokony hisy ny fifanatonana mialoha na fikaonando-ham-pirenena, mba hisorohana ny tsy rariny mety hitranga, ka hanimba tanteraka ity firenena efa very lahara ity indray, handalinana misimisy ny lalàm-pifidianana efa lany andro. Raha olo-marina Rajoelina sy ny ekipany hoy ny maro, dia tokony hanaiy izany mba hanatsarana sy hanitsiana ny lalàm-diso hatramin'izay. Soritina fa ireo voafonja vonjimaika MD, sy ireo mbola tsy mahazo didy raikitra dia tsy diso anjara amin'izao fanisana sy fifidianana hatao izao ihany koa.

Beharo

Hetsiky Ny Mpitondra Fivavahana (HMF)

Mamono hasina ny manolo zavatra hafa ny efa noreketin'ny tantara fa hazo



Ireo anisan'ny mpitarika ny Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana.

teny Obadia, Malakia, Joe-la, Ed. Antso, 1996). Mamono hasina izay mampifangaro izay tsy azo

afangaro, manolo zavatra hafa izay efa noreketin'ny tantara fa hazo. Rehefa maty hasina ny zavatra

"niavaka"(masina) iray dia very ny mampiavaka azy ary voakosoka ny tantarany, ka tsy hasian'ny olona maso akory. Isika Kristianina dia tokony hahay manavaka ny masina sy ny tsy masina, sady hanaja ny hasina maha olon'Andriamanitra antsika, « satria voasoratra hoe: "Ho masina ianareo, satria masina Aho" (Lev. 11.44). » (1 Petera 1,16). Samy hieritreritra sy handini-tena isikai!" hoy ny fanambarana.

Nangonin'i Niaina

Ny Valosoa sy fakafaka

Maro ireo mizana tsindrin'ila ataon'ny mpitondra eto

Misy ny mizana tsindrian'ila ataon'ny tompon'ny fahefana eto amin'ny firenena amin'ny lafiny maro, izay iainana ankehitriny. Fa ny resaka fitsaràna dia efa mampiteny ny moana, satria hita mibaribary izany raha tsy hijery afa-tsy ireo tranga izay niseho tato ho ato. Mipetra eto ny fanontaniana hoe natao ho an'iza marina ny lalàna eto Madagasikara? Ny fitorian'ny mpanohitra mikasika ireo fanalam-barakra ataon'ny mpomba ny fitondrana teny amin'ny sampan-draharaha momba ny heloka an'habaka (cybercriminalite), izay voatokana ho amin'izany, tsy misy tohiny hatramin'izao. Mailaka mihitsy anefa ny mpitandro filaminana raha vao ny mpitondra no metraka fitoriana. Izany no mahazo an'i Stan'ley Ramariveloz izay efa ho herinandro no notazonina teny amin'ny Toby Ratsimandrava. Omaly vao niakatra fitsaràna, mbola tsy hay izay hahazo azy hatramin'izao ora anoratana izao. Etsy ankilany, nomena fahafahana vonjy maika ireo karana miisa 4 nigadra teny Tsiafahy, kanefa dia nohasarotina aoka izany ny fahazoan'ilay administratera sivily Andrianjafinaivo Lahinirina Edward, prefet an'i Toliara teo aloha, tokony hanao "dialyse" ka maty tao am-ponja. Ny tale jeneralin'ny CNAPS voasaringota, fa nandinkodina ny volan'ny mpiasa amina miliara maro, nampandosirina nivoaka ny fonja. Ninie Donia niaro ireo vahoaka madinika indray, nampangaina ho fikambanan-jiolahy dia nogadraina enimbolana antanomaizina. Ankoatra izay, afaka manangona olona ny antoko TGV amin'ny toerana izay tiany hanova fanaovana amboletra ataon'i Vazahabe sy ny ekipanyity.

Helisoa

Filoha Rajoelina

Nandainga tamin'ireo mpanao lalana tsy nahazo ny volany

Nandainga tamin'ireo orinasa mpikojakoa lalana tsy nahazo ny volany hatramin'izao ny filoha Rajoelina. Nijoro ho vavolobelona nilaza ampahibemaso ny lainga sy ny fampanantenana poak'aty fanaon'i Andry Rajoelina ireo tompona orinasa mpanao lalana tsy mbola nahazo ny volany efa ho 3 taona latsaka kely ireo tamin'ity herinandro ity. Noraisin'ny filoha Andry Rajoelina izy ny faha-2 Aogositra lasa teo teny Ambohitsorohitra. Nambaran'i Andry Rajoelina tamin'izany, fa "tsy fombako izany mamotika orinasa Malagasy izany, ka ho aloako ao anatin'ny 3 andro ny volanareo". Tehaka mirefodrefotra hoy ireto tompona orinasa ireto no nataon'izy ireo, saingy indrisy, efa faha-29 Septembre isika izao, tsy nisy na ariary aza nefaina taminay. Nambaran'ireto tompona orinasa mpanao lalana irero, fa 5 andro tamin'ny andron'ny filoha Marc Ravalomanana dia efa voaloa ny volan'izy ireo; 15 andro kosa tamin'ny Hery Rajaonarimampianina dia no nanefana ny volan'ny orinasa. Tsy mbola nisy tahaka izao hatramin'izay fitondrana nifandimby hoy hatrany ireo mpandrahahara mpanao lalana ireo.

Stefan



Ny Valosoa sy hadihady

Zava-doza ataon'ny fitondrana Rajoelina

Tsy takona afenina ny fanodinkodinana saim-bahoaka ataony

Tsy takona hafenanina intsony ny fanodinkodinana ny saim-bahoaka amin'ny fomba rehetra, entina hanafenana ny zava-doza ataon'ny fitondrana. Ankoatry no rediredy nampidina ambanay dia ambanay ny fiandrianan'ny Firenena, tany amin'ny Fivoriamban'ny Firenena Mikambana tany New-York dia mbola manohy ny fieboeboana fa hahavita zavatra goavambe ihany ny filohan'ny Repoblika Rajoelina ato anatin'ny herintaona sisa tavela ijanonany eo amin'ny fitondrana. Tsy nisy nahita tokoa ny nanombahan'izao fitondrana izao ny fanorenana ny Trano Vola ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana. Tsy misy valaka tamin'ny nanorenan-dRajoelina Andry, tamin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Kolontsaina sy Serasera, ny « Colisée ». Nanota fady indray izao fitondrana izao, ka efa nanomboka antsokosoko ny fanorenana ny « Trano Vola » ao anaty Rova. Ny tena manahirana dia tsy tena fitiavana ny hamelomaso ny vakoka sy ny soatoavina malagasy ny an'ny minisitry ny Serasera, fa te-hamestraka ny dian-tanany fa na-havita zavatra teto amin'ny Firenena izy, ka ho fantastry ny « zanakamaparany » ny anarany. Antananarivo anefa tsy Madagasikara, ka nahoana no tsy sahy mikitika ny « Doany » na « Tranobe » any amin'ny Faritra izao fitondrana izao. Azo inoana mantsy, fa fanta-tr'izao fitondrana izao, fa hirotaka ny Ampanjaka sy ny mponina raha hanao izany izy. Laraha-mahita fa hazo avokoa ny akora nentina nanorina ny « Trano Vola » sy ny « Doany » ary ny « Tranobe », ka tsy hanana ny « hasin » intsony raha soloina « parpaings sy « béton » izany akora izany. Efa manakiana izao ataon'ny fitondrana izao ny taranaky ny Andriana eto Antananarivo ary inoana ihany koa, fa tsy maintsy hanao hetsika hanoherana izao tsy fanajana ny soatoavina izao ireto farany. Tokony ho ao an-tsaina mandrakariva fa matoa ny firenena any ivelany, toa an'i Japon sy Angleterre ohatra, mandroso sy mahasarika mpizahantany ny vakoka any aminy dia tsy mamestraka « architecture » vahiny ao anatin'ny toerana mampiavaka azy amin'ny hafa izy. Tsy misy marina tsy atao hiseho tokoa satria dia miara-mipoitra amin'ity rahara Rovan'i Manjakamiadana ity ny solika mitapoka solitany fandrehitra, ka ny manahirana dia voasam-

botsambotra sy ampidirina any am-ponja ny olona heverina fa asaina manao ny asa fotsiny kanefa ny atidoha mikotrika sy ny tomponantoka dia mitsotsotra any ihany. Raha olona mahalala ny hasin'ny ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana izany dia tsy ho sahy hikitikitika ao mihitsy. Tsy mbola voasambotra ireo mpiasa ireo kanefa loza mitatao ho azy ireo izany. Teny lvato ny filohan'ny Repoblika ny alarobia lasa teo dia nanambara fa hividy angidimby iray ho an'ny Tafika an'habakabaka, hono. Mihevitra ny filohan'ny Repoblika fa adinon'ny Malagasy fa angidimby folo no nampanantenainy tamin'izany fotoana izany ary entina hiady amin'ny dahalo izany. Soa fa tsy no-lazainy tany amin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana, fa raha vao tafaverina eto Madagsikara izy dia hividy angidimby toa ny fanamboarana ny lalàmbe migodàna hatomboka afaka volana vitsivitsy. Nivoaka ihany koa ny fampidirana mpiasam-panjakana robe tsy azo eritreretina kanefa asa raha ho tafiditra amin'ny sorabola ao amin'ny lalàn'ny fitatantanambola lasitra 2023 izany ary misy toerana banga (postes budgétaires) mifanaraka amin'izany ve? Ny manahirana dia misy amin'ny mpiasam-panjakana amperin'asan'ny departermanta sasany aza tsy voaloa ny karamany, ka fampanantenana entina isarohana ny sain'ny tanora indray izany, mba hifidy an-dRajoelina Andry amin'ny fididianana 2023. Asa koa raha ho voafehin'ny fitondrana ny fanodinkodinam-bolam-bahoaka izay heverina fa be lavitra noho izay navoakan'ny IGE tamin'ny fomba ofisialy ho di-mapolo miliara ariary mahery. Homena tombony manokana hono ny sehatry ny fampianarana noho ny rediredy tany amin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana, ka tiana harenina sy hitadiavana toerambonahitra ho tompondaka indray ny filohan'ny Repoblika. Maro ireo tranga sy hetsika ataon'ny fitondrana izay manamarina, fa tadiaviny havigy tsy hieritreritra ny loza mianjady aminy ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo, ka hampiesonina amin'ny fampanantena poakaty toy ny fanaony. Ka na inona na inona fahaizana manetsa dia tsarovy mandrakariva fa hafa ny anio sy ny omaly.

Andry Tsivalona

PETITE VITESSE

Tadiavin'i Vazahabe ho tapahana ny sotro fihinanan'ny mpivarotra

Mitokona amin'izao fotoana ireo mpivarotra eny amin'ny Petite Vitesse, satria nesorin'ny kaominina teny amin'ny toeram-pivarotany izy ireo, nefy tsy misy akory ny vahaolana aroson'ny kaominina Antananarivo Renivo hitra hoy ireto mpivarotra ireto. Arak'izany, tadiavin'i Vazahabe ben'ny tanana Naina Andriantsitohaina ho tapahana ny sotro fihinan'an'reeo mpivarotra, ka mahatonga azy ireo mitokona sy mitroatra izao. Nahery fiteny mihitsy ireto



Ny hetsik'ireo mpivarotra teny amin'ny Petite Vitesse.

mpivarotra ireto nandritra izany, nambarany fa ataon'ny fiadidiana ny tanana ho toy ny alika izy ireo, asaina mankary dia

mankany, halefa mankatsy dia mandeha, tsy afamanatra. Izany no nahantongia izao hetsika nataon'izy ireo izao omaly. Fo-

tom-piveloman'ny olona no kitikitihan'i Vazahabe sy ny ekipany, ka anisan'ny mampipoaka sarom-bilany. Teny Ampasika koa afak'omaly, efa nanao ny hadalany tamin'ny mpitarika sarety ny Polisy Monisipalin'i Vazahabe, nitroatra ireo sarety sy ny mponina, ka tonga hatramin'ny hoe : «Miala Rajoelina». Hiafara amin'izany ihany ny zava-misy eto, satria efa tena mijaly ny vahoaka nefy tsy raharhian'ny fitondrana Rajoelina mihitsy.

Stefy

Filaminam-bahoaka

Nifarana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena

Nofaranana omaly sy afak'omaly ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena Malagasy. Raha fanompoam-pivavahana iraisam-pinoana no nanombohana ny hetsika faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena dia toy izay ihany koa no no nentina namaranana ny fanka-

lazana tetsy amin'ny Cathédrale Immaculée Andohalo. Tonga niara-niombom-bavaka teny antoerana ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka mivady sy ireo lehibe isan-tsokajny eo anivon'ny Polisim-pirenena ary ireo olo-manan-kaja ambony sivily sy miaramila.

Nitohy omaly ny hetsika, ka namarika izany, nisy ny hazakazaka ara-pirahalahiana nataon'ny Polisim-pirenena niainga tetsy amin'ny Gara Soarano nanomboka tamin'ny 06 ora mairaina ary nihazo ny Kianja Barea Mahamasina. Ny hariva, nisy ny fiaraha-mifaly teny

amin'ny Espace Rose niarhana tamin'ny tarika Ambondrona. Samy nanana ny nanamarahany an'izay famarana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena Malagasy izay ihany koa ny tany amin'ny faritra.

Isambilo

Lah 1351

Sabotsy 1 oktobra 2022

Transparency International Madagasikara Mitaky ny fandaniana ny lalàna fahazoan'ny daholobe misitraka vaovao

Toy ny firenena maro eran-tany, nankalaza ny andro iraisam-pirenena ho an'ny fahafahan'ny daholobe misitraka vaovao isika eto Madagasikara. Ho fankalazana izay andro iraisampirenena ho an'ny fahafahan'ny daholobe misitraka vaovao izay teo tamin'ny alakamisy 29 septambra teo dia nanao hetsika ny Transparency International - Initiative Madagascar, sy ireo mpaintse-hatra miaraka aminy, tamin'ny alalan'ny fanaovana diabe nilamina nanomboka teny Analakely ka hatrany Antananarenina. Izany dia mba ho fitakiana koa ny fandaniana ny lalàna momba ny fahazoan'ny daholobe misitraka vaovao mahakasika ny fitantan-draharam-panjakana, sy ny lalàna mikasika ny mpiaro ny zon'olombelona, sy ny mpisintonia lakolosy izay mifam-piankina. Tamin'ny alalan'ny diabe nilamina izay notanteraha afak'omaly dia mitaky ny fiarahamonimpirenena, mba handinhana sy handaniana ireo lalàna ireo mandritran'ny fotoampivoran' ny Antinimiera rota tonta, amin'ny vola oktobra ho avy izao izy ireo. Ireo lalàna ireo dia singa fototra hahafana mampandroso ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara.

Isambilo



Ny diabe am-pilaminana nokarakarain'ny Transparency International Initiative Madagascar.

TONONKALO

Ny mpitondra sy ny fikaonandoham-pirenena

Fikaonandoham-pirenena, izany indray izao no malaza, Saingy ny mpitondra, hatreto, mody mifanahin-jaza. Ahodinkodiny ny saina ho amin-jaava-tsisy fotony. (Mihevitra izy fa tsy ho sarona irony tetika malotony !)

Tsy azo afenina mihitsy f'izy aloha dia lava tanana, Ka tsabahiny daholo raha vao resa-pifidianana. Efa olona nomaniny ireo hiandraikitra an'izany : Ny avo, ny mpikarakara, hatramin'ny sefom-pokontany!

Raha vao hoe fikaonan-doha no tanisaina na tenenina, Tena mihovitrovitra izy sao ho vaky ny nafenina, Ka averiny ireo fomba nampiasainy tany aloha, Fa tanjony ny hampandamoka ity ilay hoe fikaonandoha!

Fikaonandoham-pirenena, izany indray izao no mahoraka! Ny mpitondra anefa, indrisy, vao mandre dia efa mivoratra! Toa tsy zakany mihitsy izany handia lala-mazava, Noho ilay toetrany efa zatra ny manimba sy mandrava !

...Aoka izay ny famitahana sy ny karazana hafetsena. Ataovy ny fikaonandoha ho fanarenam-pirenena. Raha handà indray ny mpitondra f'efa izany no talentany, Tsara ho azy dieny izao raha toa ahorony ny entanty !

DADAN'i RIANA (Sept 2022)



Fotoam-pivavahana iraisam-pinoana, anisan'ny namaranana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena Malagasy.

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Hetsika filaharambe nokarakarain'ny Transparency International Initiative Madagasikara, tao anatin'ny fanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho amin'ny fahalalahana ny olom-pirenena hahazo vaovao.



Fitokonan'ireo mpivarotra eny amin'ny Petite Vitesse omaly.



Atrikasa iraisam-pirenena momba ny torohevitra mahakasika ny fambolena, nandraisani Madagasikara anjara tany Cameroun tamin'ity herinandro ity.



Ny fanompoam-pivavahana iraisam-pinoana, namaranana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena Malagasy, teny amin'ny Katedraly Katôlika teny Andohalo.



NY TENY FIANANA

Ny Baiboly
Malagasy

Koa atolotro ho an'i Jehovah kosa izy: eny, amin'ny andro rehetra hiainany dia voatolotra ho an'i Jehovah izy.

Dia nivavaka tamin'i Jehovah izy.

I Samoela 1 : 28

ANTSAPAKY NY "CHAN ALGÉRIE 2022"

Ho tanterahina anio sabotsy any Algérie

Ho tanterahina anio sabotsy 01 ôktôbra 2022 any Algérie hanomboka amin'ny 9 ora alina eto Madagasikara, ny antsapaka amin'ny fifaninanana baolina kitra "Chan Algérie 2022". Matrihana fa miisa 18 ireo fierenena tafakatra amin'ity dingana famarananay Chan 2022 ity : Algérie (pays hôte), Maroc (vainqueur en 2018, 2020), Libye (vainqueur en 2014), Sénégal (4e place en 2009), Mali (finaliste en 2016, 2020), Mauritanie (3e participation) Côte d'Ivoire (3e place en 2016), Niger (4e apparition), Ghana (finaliste en 2009, 2014) Cameroun (4e place en 2020), Congo (4e apparition), RD Congo (vainqueurs en 2009, 2016) Ouganda (6e



Amboara ny Chan.

apparition), Soudan (3e place en 2011, 2018), Etiopie (3e apparition)

Mozambique (2ème apparition), Angola (deuxième place en 2011),

Madagascar (1ère apparition)
Rainilita

Mpanazatra basket 3x3 Malagasy

Nizaran'i Karim Souchu traikefa



Ireto mpanazatra basikety 3x3 Malagasy teny amin'ny 67 ha.

Makis Ladies XV

Hiatrika ny CAN rugby Féminine 2022



Mpilalaon'ny Makis Ladies XV tetsy Andohatapenaka.

Ao amin'ny Vondrona C no misy ny Makis Ladies XV, hiatrika ny fifaninanana rugby "Can féminine 2022", tafiditra ao anatin'ny fifanintsanana "Eliminatoires Mondial féminin 2023" ny Makis Ladies XV, ka efa ao anatin'ny fanomanana tanteraka izy ireo amin'izao fotoana izao. Hatao any Tunisie ao amin'ny kianja "Stade National de Rugby d'El Menzah" ny lalao amin'ny alarobia 12 ka hatramin'ny alahady 23 ôktôbra 2022 ho avy izao. Ao anatin'ny vondrona C ahitana an'i Tunisie sy Sénégal ary Madagascar no misy ny Makis Ladies XV.

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa



Henabaolina sy haricot vert indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômatty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tomoko.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambatoharanana any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ambatoharanana any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohipity ny kaominina Ambatoharanana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'ala. Saro-dalana toy ny mankany amin'ny renivohipity ny distrika ihany koa ny mankany Ambatoharanana. Vokatra any ny vary, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga.

Tontolon'ny kitra Malagasy
Nodimandry omaly i Maître Tristani Abel Noeli

Misaona indray ny tontolon'ny baolina kitra Malagasy. Nodimandry omaly zoma 30 septembra 2022 maraina i Maître Tristani Abel Noeli, izay "entraîneur psychologique" an'ny Barea Chan fahiny, manana ny mari-pahaizana Licence A CAF. Nitantana klioba maro tetra an-tanindrazana izy fony fahavelony ary efa nanazatra klioba tany Comores ihany koa, nandritry ny 2 taona ary efa nibata ny tompondakan'i Afrika tamin'ny « Championnat Interclubs CAF ». Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia maneho etoana ny fia-rraha-miory amin'ny ankohonan-dRatompokolahy sy ny fianakaviani akaiky iray manontolo ary amin'ny fianakaviamben'ny baolina kitra Malagasy amin'ny ankabeny.



I Maître Tristani Abel Noeli fony fahavelony.

Rainilita

TRANGA MAMPALAHETO

Zazalahy kely 9 taona maty nodarohan-dreniny

Rehefa tonga ny loza, patsa iray tokoa tsy omby vava araka ny fomba fiteny Malagasy iray izay. Toy izany no nitranga tany amin'ny faritra Fitovinany iny. Maty vokatry ny kapoka mafy nataon'ny reniny azy ny ankizy lahy kely, tao Maroalakely Manakara faritra Fitovinany. Araka ny fitantaran'ireo manodidina dia teo ampanaovana ny enti-mody tao antrano ity zaza ity, no nojeren'ny reniny ny zavatra nataony, ka rehefa diso dia tezitra ity farany ka nibedy sy nikapoka azy teo amin'ny lohany. Narary vokatrin'ilay kapoka nahazo azy ilay zaza ny alarobia hariva



Ilay zaza namoy ny ainy (lanjaina anaty tsihy), noho ny daroka nataon-dreniny.

teo ary afak'omaly alakamisy maraina vao nentina tany amin'ny hopitaly hot-

saboina, saingy tsy tana intsony ny ainy. Vaky nandositra ilay reniny

ary mbola tsy hita izay na-lehany hatramin'izao.

Stefy

Fifamoivoizana

Saofera sy resevera mamo am-perinasa, nosamborin'ny zandary

Misy dia manao kitoatoa sy sahisahy mihitsy ireo mpamily sy mpanampy azy eny amin'ireny zotra fitateram-bahoaka ireny. Saofera sy resevera am-perinasa mamo, no nosamborin'ny zandaramiam-pirenena teny amin'ny faritra Ambohibao io, miasa mitondra taksibe zotra 112 izy ireo. Tsy ampy 24 ora nitrangan'ilay lozam-pifamoivozana nataon'ny fiara taksibe zotra D Ivato afak'omaly dia efa tratra sahady koa ny zotra 112 iray izay miseho azy mafy loha. Olona tsara si-



Ireo saofera sy resevera mamo am-perinasa.

trapo iray tao anatin'ny io taksibe io, no niantso ny

zandary amin'ny toetra tsy mendrika nataon'ny mpa-

mily sy ny mpanampy azy amin'ny fandehanana mafy anatin'ny hamamoana. Tratehaka izy roalahy ary niaky ny zavatra nataony. Mampitandrina ireo mpitatitra hatrany ny zandary: "ain'olona anie no entinareo mpitatitra, ka tsy tokony hatao kinanga. Tsy miaraka ny familiana fiara sy ny alikaola ary ny zava-mahadomelina. Aok'izay ny herisetra ataonareo mpandrarahao anatin'ny fitateram-bahoaka amin'ny vahoaka," hoy ny fanambarana.

Niaina

Governemanta Amerikana

Manampy an'i Madagasikara amin'ny ambana momba ny rano

Manampy an'i Madagasikara hiatrica ireo ambana amin'ny famatsiana sy fampiasana ary fitantana ny rano ny governemanta amerikana. Ny governemanta Malagasy, ary ao anatin'izany ny minisitera miiisa 6 sy ireo rafi-panjakana hafa, dia niaraka tamin'ny Masoivoho Amerikana sy ny vondron'ny injeniera eo anivon'ny tafika amerikana, na USACE ary ny Fibakoana ny tafika amerikana mitoby aty Afrika, na USAFRICOM, nan-drav anjara tamin'ny atrikasa naharitra roa andro momba ny rano, ny alarobia sy ny alakamisy teo, hamaritana ireo fomba maharitra azo ampiharina eto Madagasikara hiantohana ny famatsiana sy fampiasana ary fitantana ny rano. Nanampy ireo tompon'an-draikitra ao anatin'ny governemanta Malagasy ireo manam-pahaizana Amerikana, hitady ny fomba hiatrehana ireo fambavy ateraky ny hain-



Ny atrikasa momba ny rano, niarahana tamin'ny Masoivoho Amerikana eto amintsika.

tany, ny tondra-drano, ary ny fiovan'ny toetr'andro, ho an'ny famokarana sy ny fampandrosoana aratoekaren'ny firenena. Nilaiza ny Ambasadaoro Amerikana Claire Pierangelo tao anatin'ny lahateniny, fa "ny fahazoana rano fisotro madio dia ao anatin'ny filana fototra ho an'ny olombelona, eo amin'ny sehatry ny fiariana sy ny famokarana ho an'ny firenena." Ity atrikasa ity dia tafiditra

ao anatin'ny asa lavitr'ezaka atao'ny governemanta Amerikana hanatsarana ny fahazoana rano sy fanadiovana eto Madagasikara. Ankoatra ny ezaka mitohy izay atao'ny Departeman-tan'ny Fiarovana Amerikana, sy ny USAFRICOM, ny Sampandrahaha Amerikana misaha ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID) dia niantoka 46 tapitrisa dolara amerikana

nampiasaina tamin'ny sehatry ny rano sy ny fandiovana nanomboka ny taona 2017, hanatsarana ny fahazoana rano fisotro madio tamin'ny tanàndehibe sy tamin'ny faritra ambanivohitra maro. I Etazonia dia miara-dàlana amin'i Madagasikara toy ny mpirahalahy mi-nala ary hanampy hanatsara ny fahasalamana sy ny fiaianan'ny vahoaka Malagasy.

Aly

"Tennis ITF/CAT – Circuit Junior U 18 leg 1"

Raraka teo amin'ny 1/4-dalana ny mpilalao Malagasy

Raraka teo amin'ny lalao 1/4-dalan'ny fifaninanana te- nisy "ITF/CAT – Circuit Junior U 18 leg 1", tontosaina eny amin'ny kianja COT IIafy tamin'ny alakamisy 29 septembra 2022 lasa teo, ny mpilalao tenisy lehilahy Malagasy Mahefa sy Mirija, ka tsy tafita niatrika ny lalao ankatoky ny famarananana amin'ity fifaninanana ty. Rakotomalala Mahefa (tête de série n°5) dia la-von'ilay Britanika Castle Maxwell (tête de série n°3) tam-in'ny seta 2-0 (4/6, 2/6). Andriantefihasina Mirija kosa dia resin'ilay Egypiana Noureldine Moustafa tam-in'ny seta 2-0 (4/6, 5/7). Mariha fa rahampitso alahady 02 oktôbra 2022 no hifarana ity fifaninanana hoan'ny sokajy U18 Leg 1 ity ary ny ampitson'io, hanomboka amin'ny alatsinainy 03 oktôbra 2022 kosa ny Leg 2, izay tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 9 oktôbra 2022 ho avy izao.

Rainilita



Mahefa sy Mirija.

Grande Fête Foraine Hatao andro alina ny famaranana anio sabotsy

Ho tanterahina eny amin'ny kianja « Terrain RFI Parlavato » anio alin'ny sabotsy 01 oktôbra 2022 hanom-boka amin'ny 5 ora hariva, ny lalao famarananana basikety amin'ny hetsika "Grande fête foraine", niarahan'ny 1er Bataillon sy ny tanoran'lvato nikarakara. Miaraka amin'ny "animation" samihafa (Kermess - Stand - Animation DJ - show Dance) ary seho an-tse-hatra miaraka amin'i Twokii – Arione Joy izany hetsika izany. Marihana fa omaly zoma alina no nanaovana an'ireo lalao basikety ankatoky ny famarananana tam'inity hetsika ity. Ankatoky ny famarananana vehivavy : ASTAR # CBB, BBCV # ASF. Ankatoky ny famarananana lehilahy : BBB # 1er BAT, BBCV # ASF.

Rainilita



Grande fête foraine eny Ivato.

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Tsilavo A.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
24/09/2022 hatramin'ny
01/10/2022

- DE LA PERGOLA (Antanina-narenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- HERIZO (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- ITOKIANA (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64
- TSARA (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- RABARISOA (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopital Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopital Loterana Ambohibao :
22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel : 03 35 47 /
Orange : 032 32 354

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 / 22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalana : 22 280 54
2° Ambohitra : 22 309 46
3° Antananarivo : 22 291 30
4° Isotry : 22 280 51
5° Mahamasina : 22 280 48
6° Ambohimaranina : 22 225 52
7° 67 Ha : 22 291 29
8° Analahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 / 22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseso intelo
isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsialvalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1351-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka,
na antsaina amparahibemaso
raha tsy ahamoana alalana vita
soratanana avy amin'ny
tompony

TOROHAY NA TOROHEVITRA ARA-PAMBOLENA

Nandray anjara tamin'ny atrikasa tany Cameroun i Madagasikara

N andray anjara tamin'ny atrikasa tany Cameroun momba ny torohay ara-pambolema i Madagasikara. Naharitra 4 andro izany atrikasa izany, atrikasa iraisam-pirenenena momba ny torohay na torohevitra ara-pambolema na conseil agricole, izay natao ny 26 ka hatramin'ny omaly 29 septambra 2022 tao Yaoundé Cameroun. Ny Ianonana dia natao teo anatrehan'ny Ministry ny Famboléna sy ny Fam-pandosoana ambanivohitra Kameroney, ny Talen'ny AFD, ny ministry ny Fitantanam-bola, ny ministry ny Fiompiana sy ny Jono ary ny Indostria kameroney.

Mandray anjara amin'io atrikasa io ireo teknisaina avy amin'ny minisiteran'ny Famboléna sy ny fiompiana Malagasy, sy ny avy amin'ny FDA (Fond de Developpement Agricole) ary ireo solonthenan'ny tantsaha mpamokatra Malagasy, izay mpikambana ao amin'ny vondrona FIFATA. Ny tanjon'ny atrikasa dia ny



Ireto mpandray anjara tamin'ny atrikasa momba ny torohay na ny torohevitra ara-pambolema.

hampitaha ny fahatakanana ny famatsiam-bola, ho fampandrosoana ny tontolon'ny famokarana sy ny rafitra torohay ho an'ny mpamokatra, eo amin'ny sehatra nasiônalny mba hifanaraka amin'ny tena filan'ny mpamokatra. Ireo singa ireo dia ahafhana mamaritra ny mety ho fivoaran'ny fomba fanao sy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo andrim-pajakana samihafa izay matrika.

Ny fandraisan'anjanan'ny delegasiôna malagasy tam'inity atrikasa ity dia notanterahina tao anatin'ny tetikasa PAPAM vatsian'ny Agence Française de Développement (AFD) vola.


hana sy fandrindrana ny famatsiam-bola amin'ny fampandrosoana ny famboléna sy ny torohay ho an'ny mpamokatra, eo amin'ny sehatra nasiônalny mba hifanaraka amin'ny tena filan'ny mpamokatra. Ireo singa ireo dia ahafhana mamaritra ny mety ho fivoaran'ny fomba fanao sy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo andrim-pajakana samihafa izay matrika.

Ny fandraisan'anjanan'ny delegasiôna malagasy tam'inity atrikasa ity dia notanterahina tao anatin'ny tetikasa PAPAM vatsian'ny Agence Française de Développement (AFD) vola.

Aly

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 406



Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valliny Teny Tondro (0405)

Mitsivalana

- Mareina (miv)
- Ana - OH
- Ranomena
- Heloka (miv)
- Rà – IN – No (miv)
- Ovaina
- Soa – Tia (miv)

Mitsangana

- Marary
- Anaka
- Rano – OO
- Oliva (miv)
- Hehy (miv) – IA
- Ony
- Tantara (miv)

Nomena

- Nomena
- Hehy (miv) – IA
- Ony
- Tantara (miv)

Morondava

Mitaraina ireo ben'ny tanàna amin'ny fitantanana ny volan'ny CIAD

Mitaraina ireo ben'ny tanàna ato amin'ny distrikan'i Morondava faritra Menabe, amin'ny fitantanana ny solombavambahoaka Tsilia ny volan'ny Ciad, satria dia tsy araky ny filan'ny kaominina no zavatra atolotra azy ireo ary tsy misy koa ny fakan-kevitra amin'ireo ben'ny tanàna amin'ny zavatra laharam-pahamehana ho an'ny kaominina tsirairay. Ampitoviana daholo ny an'ny kaominina nefá dia samy manana ny laharam-pahamehana ho azy, raha jerena ny tamin'ny 2021 dia loko no novidianana sy nozaraina ho an'ireo kaomina, ka dia sady gaga ireo ben'ny tanàna no nanontany tena hoe handokoana inona ireto, noraisina tsy fidiny iny hoy ireo ben'ny tanàna raha jiro kosa ny 2022, izay tsy mi-fanaraka amin'ny filan'ny kaominina, satria dia resaka fampitaovana ny sekoly ny an'ny kaominina sasany raha tsena ny sasany ary tobim-pahasalamana ny hafa. Samy manana ny laharam-pahamehana ho azy ny kaominina mandrafitra ny distrikan'i Morondava, kahany herin'izy ireo dia nitaraina tamin'ny ministry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana Tokely Justin nadritra ny fandalovany nitsidika ny faritra Menabe. Arak'izany, tsy dia mifanaraka loatra ny samy olom-boafidin'ny fitondrana ao amin'ny renivohitry ny faritra Menabe.

Rajepa



Ben'ny tanàna sasany, ao amin'ny distrikan'i Morondava.

TENY MIFANAPAKA

N° 406

A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1									
2									
3									
4									
5									
6									
7									
8									
9									
10									

Mitsivalana

- Lakile
- Vovoka maloto – Aro orana
- Nasitrika
- Mpanondro – Tafasiry (miv)
- Reny – Miloko mena lalandava
- Bika – Anelanelan'ny teny
- Fanampin'anarana – Fotoana maizina (miv)
- Trano fitsangatsanganana (miv)
- Kianteny – Kary (BR) – Repoblika Malagasy
- Volana Malagasy

Mitsangana

- Famorona
- Mari-drefy – Faran-teny – Simba sy masiso (miv)
- Niova toerana
- Tany sy ny vahoaka ao aminy (miv)
- Notaperiny – Fototenin'ny fanasana
- Haingana (miv)
- Fanaovana laoka – Ankizy ao amin'ny fianakaviana
- Anaran-tanàna – Tsirin-teny Mpifanao
- Bibilava – Ao @ vava (miv) – Mpanoritra anarana
- Mpanao fahadioana (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0405

Mitsivalana

- Mpamosavy
- II - Iray (miv)
- Fanjajitra
- Angano – Iva
- Nianatra
- La (miv) – Ro (miv) – Anay
- Rainay
- Ana (miv) – Ahao – Dr 9. Kih(o)
- Iray (miv) H. Tia (miv) – Ra – Lio (miv)
- Ariary
- Lioka (miv) – OH

Mitsangana

- Mifanaraka
- Anilany D. Ainga-Ha
- Mijanona F. Anarana G. Toy (miv)
- Haingana (miv)
- Fanaovana laoka – Ankizy ao amin'ny fianakaviana
- Anaran-tanàna – Tsirin-teny Mpifanao
- Bibilava – Ao @ vava (miv) – Mpanoritra anarana
- Mpanao fahadioana (miv)
- Variana J. Vary (miv) – Andro K. Hiraina (miv)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

Ny fanompoam-pivavahana iraisam-pinoana namaranana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena Malagasy, teny amin'ny katedraly katolika teny Andohalo.



Hetsika filaharambe nokarakarain'ny Transparency International Initiative Madagasikara, tao anatin'ny fanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho amin'ny fahalalahana ny olom-pirenena hahazo vaovao.



Ry olompirenena

Feno 18 taona sy ireo mihoatra
Ndao hisoratra
Anarana
 ao amin'ny lisitry ny mpifidy
 manomboka amin'ny volana
Oktobra 2022

Raiso an-tanana ny ho avinao.